

# Lene Mayer-Skumanz / Salvatore Sciascia

Traduit de l'allemand par RADO RASAMOELINA

## Ilay vorondolo kely

Taloha ela be hono, tamin'ny mbola nitovy ny fomba fitenin'ny biby sy ny olombelona, dia nisy vorondolo kely iray, nonina tao an'ala ambadikin'ny vohitry ny nofy. Izy no farany amin'ireo zanam-borondolo enina, hany ka izy no farany nandao ihany koa ilay hazo nahafoizany. Ireo vorondolo ray sy reniny dia nampianatra azy nanidina, nihaza totozy ary koa nitanin'andro.

Indray andro ary, niteny azy izy ireo: "mahereza ry vorondolo kely, mandehana zahao ny tontolo!", "tsy mbola kely loatra ve aho?" hoy i vorondolo kely nanontany. Nangina ireo ray aman-dreniny sady nisento no nitsetra azy.

"Ny lehiben'ny vorondolo, nahary izao rehetra izao hiaro anao mandritry ny dianao! Ary ny fomba rehetra efa hainao: rehefa mihaza dia tonga dia vonoy haingana ny hazanao amin'izay izy tsy mijaly sady matsiro. Ifalio izay mety hazavana na dia misilopy aza, ary momba ny halavirana... eo am-panidinana no hahaizana manidina. Tsy afaka miteny betsaka noho izay izahay."

Nierikerika i vorondolo kely, nandinika tsara ny manodidina azy, ireo ray sy reniny sy ilay hazo nahalebiazany farany izy. Nikisikisina, nikiokioka ary somary nitrena kely teo i Vorondolo kely ho mariky ny fanaovam-belomany. Nainjiny ny elany ary lasa nanidina izy.



Mikitroka sady feno biby ilay ala ao ambadiky ny vohitry ny nofy.

Rehefa nanidina elaela I vorondolo kely dia nahita hazavana avy eo amin'ny vohitra harambato

iray. Avy nipetraka teo ambonin'ny tendron'ilay vohitra izay rakotry ny lomotra izy, ka nanopy ny masonry teny amin'ny masoandro nilentika sady faly ery.

Tsy lavitra azy avy eo, nisy saka dia mivalapatra eo ambony vato izay nafanain'ny masoandro.

Avy eo amin'ny orony kely misy tsipika mainty efatra miakatra hatreny amin'ny andriny.

Ny rambony mitsipitsipika sady voloina be, somary nitsangana malefaka rehefa nahatazana ilay vorondolo kely izy.


"ô ry vorondolo, tsara fahatongavana ianao!" mba valio kely aho azafady: ahoana no hahafahan'ny lehiben'ny saka-dia nahary izao rehetra izao, manaiky ireo saka sasany folahana? "ahoana tsara hoe?" hoy i vorondolo kely gagagaga ihany.

"omaly hariva dia nihazakazaka tsy nisy ohatry izay aho tonga ka hatreny amin'ny riandrano izay mianjera manaraka ireo vohitry nynofy, dia teo no nahitako trano iray vita amin'ny hazo sy vato, fonenan'ireo olombelona. Manodidina azy ireo, akoho amam-borona mikoradraka, mamolombolona matavy. Saingy efa voky aho no sady te hitazan-davitra fotsiny.



Nisy olombelona iray nipetraka teo anolohan'ny trano , niampofo saka iray sady nanafosafazy. Sady tsy nanaikitra io no tsy nandrangotra fa nironirona fotsiny. Nangorintsina aho, hanaiky ny ho kitihina ve, brrr! Ahoana no hampety izany?". Niondrika fotsiny I Vorondolo kely avy eo nierikerika sady nigioka kely: "tsy fantatro koa! "niarina ilay saka-dia, ny rambony maramara nihanibontsina sady nitsangam-bolo, nitselatra maitso sy mavo ny masonry. "ianao no nanontany! hoy izy niteny mora: "tsy Vorondolo angaha ianao? Ny vorondolo anie mahavalny fanontaniana eto amin'izao tontolo izao ê!"

"Tsy fantattro indray izany" hoy ilay vorondolo kely natahotra ery. "ahoana ary, nahoana ianao no misy? Hoy ilay saka-dia nitrerona. "tsy mba menatra ianao! Mandehana tohizo ny lalanao!"



Talanjona i Vorondolo kely, hany ka nahinjiny indray ny elany ary lasa nanidina izy.

Nahita hazo goavana iray misampana be izy, izay voataratry ny masoandro milentika. Avy

nipetraka teo amin'ny rantsana izay farany iva i vorondolo kely sady niezaka nieritreritra indray

izy. Tamin'izay indrindra no nahenoany feon'elatra mikopaka avy ao anatin'ilay hazo

mikarantsana, feon-tsambikina mahery vaika. Hay vorombola tonga nipetraka teo anilany.

Nitongilana ery ny sampana nitontonany.

"Izay, tsara kendry izay" hoy ilay vorombola feno fasahiana. "isaky ny hariva alohan'ny hatory dia toy izany foana ny ezaka tsy mantsy atao. Manontany tena mihitsy aho fa maninona kay

aho tsy mba afaka mihazakazaka tsara toy izao fahaizako manidina izao?

"Oadray fa iza izany eto akaikiko izany? Azafady ry Laikely fa hazo fahatoriako ity!"

"Azafady indrindra" hoy i Vorondolo kely amin'ny feo mitampify toa feno tahotra.

Nanifika ny elany tsara loko I vorombola sady niteny hoe:

"Oay, toa feom-borondolo izany reko izany, tena nifanandrify tsara kosa. Nalaminy tsara ny elany mitarika, ary navelany hikorotsaka mandeha amin'ny tany. Avy eo nanampy indray izy hoe "mba misy fanontaniana manitikitika ahy ity: nahoana ny lehiben'ny vorombola nahary izao rehetra izao, tsy mba namorona hazo afa tsy hazo vitsy mba hatoriana? "ahoana tsara hoe? Hoy i vorondolo kely sempotra ery! " tsy hitanao ve ny halavan'ny ramboko io ê! Hoy i vorombola. "afaka adoroboka tsara izy, nefo tsy mba afaka matory tsara am-pilaminana aho fa manisy olana ho ahy foana izy io.

Ireo hazo avo misampana mahitsy tsara ihany no mba hany mety amiko nefo tsy misy raha tsy ankavitsiana izy ireo.

"Ka ianao anie efa mba misy ity ê!" hoy i Vorondolo kely. "ny tena tiako dia ny mba afaka misafidy eo amin'ny telo na efatra eo, hoy i vorombola nanampy. "valio ary aho aloha : "fa maninona izany no tsy efa voalahatra?". "Tsy fantatra hoy i vorondolo kely namaly.

Niondrika i vorombola sady nisafo an'i vorondolo kely amin'izato volony manga misandrahaka. "tsy fantatrao ve?" fa nahoana ary no tsy mba fantatrao?

**ny vorondolo anie mahafantatra ny valin'ny fanontaniana rehetra apetrak'izao tontolo izao ê!**

**Tsy fantatro izany hoe avy amin'izao tontolo izao izany, hoy i vorondolo kely namoaka ny heviny.**

**"zaza adala, angamba ianao tsy tena vorondolo hoy i vorombola nikoraka. "tsy mba menatra ianao? mandehana mandeha any!" Raiki-tahotra izy dia lasa nanidina niala teo.**



**Nahita zohy anankiray izy tao anatin'ny harambato ary niditra nipetraka tao anatin'ny akany mba hiala sasatra, sady mba hieritreritra indray. "Nahoana aho no tokony ho menatra?" hoy izy niteny irery. "nahoana aho no tokony hahalala izay mety ho valin'ny fanontaniana rehetra apetrak'izao tontolo izao?" "nahoana no mahatonga ny saka-dia hilaza ny momba ny lehiben'ny saka ho nahary izao rehetra izao sy ny vorombola hiteny ny momba ny lehiben'ny vorombola nahary izao rehetra izao, nefo tsy nisy nahary izao rehetra izao raha tsy ny lehiben'ny vorondolo irery ihany?".**

Nihamaizina ny andro tao amin'ny tendrombohitry nynofy. Teo amin'ny lanitra andrefana, nazava ny kintan'ny alina ary niakatra moramora ny volana eo ambonin'ireo tendron-kazo.

Ny tarany tonga nanazava ilay akany tao anatin'ny zohy, ka faly ery i vorondolo kely noho ilay hazavana manjelatra. "fotoana tsara hanidinana izao", hoy ny feo kely mikarantsana avy aoriany." Ê! Ity fahatonian'ny alina! Isaorana anie ny lehiben'ny ramanavy, nahary izao rehetra izao!". Niherikerika njery ny manodidina azy i vorondolo kely ary nahatsikaritra ilay ramanavy izay niantona eo amin'ny valin-drihana, ny lohany mitotongana ambany,

ireo tongony avy eo aoriany sy ireo tñanay kely roa misarangotra mamikotra amin'ny vato.

Velariny kely ny elany izay hodirana manify mba ahafahany mampidina ny menaka avy ao aminy, angoniny amin'ny lelany izay menaka mivoaka avy eo ambonin'ny orony ary aparitany amin'ny fihetsika mailaka mananika ny hodiny. " Draidraida! ratsy fofona èry! Hoy vorondolo kely nitaraina." Mahery be ny fofony" hoy i Ramanavy etsy nanamafy." Izay no tsy mba nahatonga ahy mba ho isan'ny hazanao Rahavako!. Vorondolo ianao ê! Sa tsy izany?". " Eny fa

**saingy zanany, angamba koa aza tsy tena izy ! " :**

" An ! an ! an ! rehefa vorondolo dia vorondolo, ary ny vorondolo rehetra dia mahalala ny valim-panontaniana eran'izao tontolo izao " hoy i Ramanavy.

"manana fanontaniana ary aho Rahavako!" , namikotra teo amin'ilay akany ary i Ramanavy sady nitambesatra teoanolohan'ny lohan'i Vorondolo kely. "jereo anie ity nanamboarana ahy ê! Lalina ô! Hoy antsoiny." Voaaro tsara amin'ny rehetra aloha ê!, hitako ireo lalitra na dia amin'ny maizina mikitroka aza. Antsoiko izy ireo ary rehefa miverina ny ako dia mitsimbadika kely fotsiny aho dia misambotra azy ireo.

Fa saingy zavatra iray loha ihany no tena mampalahelo ahy.



**Tsy mba afaka manan'anaka afa tsy iray isan-taona ihany aho.**

Ny lolo sy ny takatra dia afaka manatody betsaka. Ny reni-tsokina dia afaka mitarika zanta-tsokina maro manaraka azy avy aoriana, ny fosa mitarika fara fahakeliny zanany telo. Nahoana kay ny lehiben'ny ramanavy nahary izao rehetra izao  
tsy mba manome ahy afa tsy zanaka iray?"

"tsy fantatro hoy i Vorondolo kely!". Nisavily indray i Ramanavy sady gaga: "tsy fantatralo hoe? Ahoana no ahafahako mino anao?". "tsy haiko hoy ny navalin'i Vorondolo kely sady nisento lalina dia lalina izy. "Iza no afaka ny hahalala raha ianao aza tsy mahafantatra? " Hoy i Ramanavy nanontany sady nanjombona nalahelo. "angamba kosa ianao tsy te hieritreritra sa tsy izany? Miverèna aty rehefa fantatralo ny valiny. Nahodin'i Vorondolo kely ny lohany fa maika èry izy ny hiala teo.

"Tsara" hoy ny kikan'i Ramanavy sady nanaisotra ny elany hodirana manify izy avy eo lasa nanidina nankany amin'ny alina, amin'izato feony midriotra sy manakoako, manetsi-drivotra. Ramanavy betsaka no indreny mitandavana manidina manaraka ny alina. I Vorondolokely kosa nanara-maso ny fanidinan-dreo, mivilivily ao anatin'ny hazavan'ny volana. Na dia teo aza ny fahasahiranan-tsainan'i Vorondolo kely dia mba nahatsiaro hanoanana ihany izy. Hany ka nandany ny aliny tamin'ny haza totozy izy, ka izay tratrany tonga dia novonoiny toy ny tselatra.

**Rehefa tena voky be iny izy ka efa tsy nahavita nanantelina intsony dia hoy izy velom-panontaniana an'ilay totozy izay reny mamikiviky kely ao ambanin'ny tany. "hono hoy aho ry totozy, izato ambany izato, mba valio kely hoe aho! Iza kay ny lehiben'ny nahary, nahary antsika, dia izaho sy ianao?". Injao reny mibitsibitsika moramora i Totozy avy ao anaty lavaka: "ny lehiben'ny totozy fa iza indray moa raha tsy izy? Izany anie tokony ho fantatrao, ianao manam-pahaizana lehibe io ê!. Fa maninona ianao miafina manontany izany?. Afaka mba mamoaka ahy ato amin'ity lavaka ity ve ianao?. Noho ianao ihany no nanjavonan'ny ankamaroan'ireo totozy namako.**

**"Raha mba fantatro mialoha mantsy hoe ny vorondolo tsy mba nateraka hihinana zava-maitso, na ohatra koa hoe mpihinana voamadinika." Hoy i Vorondolo kely nitaraina "tsia an! ny voamadinika natao ho anay" hoy ny feo malefaka reny. Avy eo nangina be indray. Lasa nanidina niala teo indray i Vorondolo kely ka nitady tendro-kazo avo hialany sasatra.**



**Nigogogogo nitomany izy, "tsy mba manam-pahaizana aho, tsy mahafantatra n'inon'inona, fantattro tsara ". Tèry amin'ny farany ambany. Mifanandrify azy , nisy aloka mivolon-davenona, manan-drambo somary maramara nandalo. " Aiza kosa ê!" hoy ny feony nitrena. " misy ihany ny fahalalana, izay kely toa ny singam-bolom-bava".**

**Nierikerika indray i vorondolo kely. "hianatra aho " hoy izy nisento kely sady resin-tory nony avy eo. Rehefa nananontanina ny hazavan'ny maraina dia efa taitra sahadys i Vorondolo kely ary nahasondriana azy èry ny raozy. "Inona indray ary no ho hitako sy hianarako androany?" hoy izy nanontany tena.**

**Natsotrany ny elany dia lasa indray izy nanidina am-pahakingana teo ambonin'ny ala taratry ny hazavan'ny maraina, sady nizotra nankeny amin'ireo vohitry ny nofy. Tazany ilay riandrano misy lomotra sy mangirana, teo ambany kokoa tsikariny ireo tranon'olombelona izay nolazain'ilay sak-a-dia azy. Nangina ny manodidina azy rehetra, fa ny fitsaingokin'ny akoho vavy mitady kankana avy ao anaty tany no rè. Re teo ambany, manakaiky ilay riandrano misy feon'olombelona mihira.**



**Nanidina nanakaiky ilay feo mihira i Vorondolo kely ka nahatazana vehivavy matsaka rano.**

Niemponempona izy nipetraka teo ambonin'ilay voaroy hazo. "tsara feo ianao izany, tsara kokoa noho ny feoko". Nitraka ilay vehivavy sady nitsiky ary hoy izy avy eo:"efa nosaininao ve raha toa ka mitovy daholo ny toetra hananan'ny zava-boahary rehetra eto an-tany? Tsy mba mahasorena ve? Ianao ohatra sady mahita no maheno tsara lavitra noho izaho, tsy tenenina intsony ny talentanao afaka manidina". "fa maninona ianao ary no mihira ê?" Hoy i Vorondolo kely nanontany. "Sa kosa ianao te hamaritra ny faritry ny toerana fonenanao toy ireo takatra?". "Mihira aho amin'izay maivana ny asako" hoy ilay vehivavy. Indraindray aho mihira ihany koa mba hanomezako voninahitra an'ilay Nenibe nahary izao rehetra izao". "Aiza angaha izy io no mipetraka?" nanontany i Vorondolo kely.

"Eny rehetra eny, hoy ilay vehivavy". "Ny mason'ny olombelona tsy afaka mahita azy. Ny ankanjony voaravaky ny masoandro, ny volana sy ny kintana." "Ary raha milaza aminao aho hoy i Vorondolo kely niteny mora hoe "ny hazandrano rehetra ao anatin'io rano io miteny ihany koa hoe ny lehiben'ny hazandrano no nahary izao rehetra izao!", " dia tsy hahatezitra an'i Nenibe akory izany" hoy i Ravehivavy. " Ny fony tsinona be fitiavana ho an'ny zava-boahary rehetra", Nihivingivina i Vorondolo kely sady nieritreritra kely indray: Faly ve izy amin'ianao mihira manome voninahitra ho azy io?", "manantena aho" hoy Ravehivavy. "Mivavaka aminy foana aho mangataka zavatra maro mba hitana maharitra ny tafo-tranoko, mba hamohy akoho kely betsaka ireo akoho vaviko, ary mba ho salama tsara foana izaho sy ny zanako".

"Ary manahy sahady ny zavatra mbola ho avy ny ampitso ianao izany?". " Ny rehetra dia manahy avokoa" hoy i Ramatoa. "Sao dia mba fantatralo hoe ho avy ve ny orana anio? Tiako ho maina mantsy ny lambako". "Tsy maheno fofona orana aho aloha ê!" hoy i Vorondolo kely. Nilefotra kely i Vorondolo kely ho mariky ny fanaovam-beloma dia lasa nanidina nanantona ny tendron'ilay riandrano izy.




**Nibaliaka foana ny masoandro nandrity ny tontolon'ny andro. Nitanin'andro teo izy sady nandefa eritreritra ihany. Ny alin'iny izy nanohy nanidina ka hatreny amin'ireo vohitry ny nofy.**

Nony alina ny andro dia nahita zavatra nangelanjelatra toy ny pitim-bolamena teo anelakelak'ireo hazo izy. Nanantona izy ary nahita trano kely vita amin'ny hazo, avy eo amin'ny rindriny misy tritra izay nivoahan'ny hazavana izay manintona ny lolo mpanidina amin'ny alina.

Na dia i Vorondolo kely aza voasintona ihany koa, nihanantanona izy nanaraka ny dian-kazo mankao an-trano, ary nijanona teo anoloan'ny varavarana izy. Nalefaka èry ny taratr'ilay hazavana hany ka nahasarik' azy hihira ny hiram-pitiavan'ny vorondolo. Nitoreo, nitaraina, nitolefika kely izy. "Vorondolo kely eto an-tokonam-baravararan-keliko" hoy ny feo mahery.

"tonga soa ianao".

Napitrapitran'i Vorondolo kely ny masonry mba hijery ny fijardinan'ilay lehilahy. Kay lehilahy antitra ilay izy. Nanontany azy ary i Vorondolo kely:" inona no ataonao eto?" mamaky boky aho hoy izy namaly moramora. Nosamboriny tamin'ny tanganay ilay lolo mpandeha amin'ny alina, nipetraka teo ambonin'ny taratasy fotsy mangatsaka. "Fohy loatra ny andro ka izany no mahatonga ahy hampiasa ny hazavan'ny fanaovan-jiroko mba hanohizako ny vaky bokiko. Boky izay mitantara an'i Ngahibe, nahary izao rehetra izao" hoy izy. "Aiza angaha izy io no mipetraka?" nanontany i Vorondolo kely."Eny rehetra eny" hoy ny navalin'i Ngahy antitra.



"Ianao ve mba manontany azy amin'ny zavatra ho avy ihany koa? Hoy indray i Vorondolo kely nanontany. "Mazava ho azy" hoy izy.

"Fa ny tena ataoko diany mivavaka noho ireo fotoana efa lasa. Nisy zavatra maro tsy mba nahafahako nirehareha mantsy niseho teo amin'ny fainako taloha, ary nampiasa ny lohako mihitsy. "ary raha mitantara aminao ary aho" hoy ny bitsiky i Vorondolo kely hoe:" ireo lolon'ny alina ireo milaza ny momba ny lehiben'ny lolo nahary izao rehetra izao". Nihomehy sady nitsetra azy i Ngahy antitra: "amin'ny fomba hafa ahoana ary no tianao hisehoan'i Ngahibe?. "Ohatra an'ilay Nenibe, ilay noresahin'ilay vehivavy tary amin'ny riandrano ambany tary iny angamba?". Gaga i Ngahy antitra.

"Nilaza ilay Ngahibe aho " hoy izy "nefa hatramin'izao araka ny fandinihako anao toa tsy ilaina izany. Nefa na dia izany aza mino aho fa indray andro any ho fantatr'io vehivavy io ny marina". "Mety hahatezitra an'i Ngahibe ve ny hantsoina ihany koa hoe Nenibe?" hoy i Vorondolo kely nanontany. Nieritreitra ela teo i Ngahy antitra dia avy eo izy nilaza hoe: "hafahafa izany fanontanianaq izany..., tsy mino aloha aho hoe ho tezitra izy!, tsara anie i Ngahibe ê!. Manahy aho fa izaho mpanompony indray no mety ho tezitra." "Aza manahy ianao " hoy i Vorondolo kely. Nony avy eo nimonimonina kely i Vorondolo kely mba ho mariky ny veloma avy eo izy lasa nidify moramora.



Ny ampitson'iny tafaverina teo amin'ilay lohasaha indray i Vorondolo kely. Tsy mba ilay vevivavy indray no hitany teo fa ankizy iray, nipetraka teo amoron-drano, sady nampikiraviravy ny tongony ao anatin'ny rano no mandinika ireo hazandrano. Misy saka iray mipetraka tsara eo am-pofoany. Ny masoandro kosa mibaliaka tsara, manazava ilay ankizy sy ilay saka sy ny rano ary ireo vato sy ny ahitra. Nipetraka tsimoramora teo ambonin'ilay vodihazo voafira i Vorondolo kely. Ny masonry maranitra dia afaka mahita tsara na dia lavitra aza: na ilay ankizy izay manafosafo ilay zaza na ilay saka izay tena mankafy ihany koa hany ka hadinony hatramin'ny hazandrano sy ireo piti-drano. I Vorondolo kely kosa mifaly, mankafy mitazana izany rehetra izany. "Mba fantatr'io ankizy io ve izao ny anaran'ilay Mahagaga ambony indrindra izay nahary izao zavatra rehetra izao sy ny mampamirapiratra ny masoandro amin'izao rehetra izao. Mety tsy fanatany angamba nefafy izy dia toa mipetraka soa aman-tsara sady hatrehany. I Vorondolo kely kosa mahatsapa mazava tsara an'izany. NY ampitso sy ny afaka hampitson'iny dia tsy misy n'inon'inona ho ambara, tsy dia ilaina loatra ihany koa. Fa ny omaly sy ny afak'omaly dia efa lasa lavitra loatra ihany koa ka tsy dia misy dikany. Nierikerika indray i Vorondolo kely ary nitamberina tao aminy daholo ny anarana rehetra niantsoina ilay Mahagaga. "Ianao, ilay lehiben'ny vorondolo nahary izao rehetra izao, ilay lehiben'ny saka, ilay lehiben'ny vorombola, ilay lehiben'ny ramanavy, ilay lehiben'ny totozy, ilay Nenibe, ilay Ngahibe. Afaka hantsoina ihany koa hoe ilay lehiben'ny tsiambaratelo, eo akaiky lalandava! ". Nimonimonina i Vorondolo kely. Nahiratr'ilay saka moramora feno hakamoana ny masonry no sady nimaona izy no njery ilay Vorondolo kely. "Fa nahoana kosa moa!".




**Rehefa avy nilentika ny masoandro dia lasa niverina nody tany an'ala i Vorondolo kely.**  
Notadiaviny ny lavaka nisy ilay totozy, rehefa hitany dia niantso izy: "aiza ô! Izay rehetra miaina dia misy noho ireo efa naina! Na dia ireo voamadinika ireo aza dia manan-kery miaina!".  
**Nony avy eo, nifanena tamin'ilay ramanavy izy. "mahay manidina tsara kosa ianao an! Hoy i Vorondolo kely."** Raha toa ianao ka mitondra zaza mihoatra ny iray dia mavesatra loatra ho an'ireo elatrazo hodirana manify natao hamikotra ireo!".

"Mety marina angamba! Hoy ilay Ramanavy nanaiky. Lasa nanidina teo ambonin'ilay hazo fialofan'ilay vorombola indray izy sady nieritreritra hoe:" Indrisy ry be haitraitra, avy amin'ny taranaky ny mpikoraka mantsy ianao, toy ireo akoho vavy ihany, izay tsy mitady afa tsy ny hazo mety ho azy irery ihany". Notohizany ihany ny diany avy eo izy nahita ilay saka-dia eo ampiandrasana kendry tohana ny hazany, tsara toerana eo ambonin'ny rantsan-kazo be velarana iray, ny masonry nihanihiratra raha vantany vao nahita ilay Vorondolo kely izy.

" Ka ahoana, tafaverina sahady angaha ny manam-pahaizana?" hoy izy nierona. "Mbola tsy tena izy aho satria aho mbola tanora, no sady mbola eo am-pianarana" hoy i Vorondolo kely namaly am-pifaliana. " â!

**Mba fantatrao moa, izaho koa nahita saka nanaiky nosafosafoana tary. Na dia ireo hazandrano tao anaty rano aza, tsy mba nampihotsina azy akory hiala teo am-pofonan'ilay ankizy".**  
" Tsy mampino!" hoy ilay saka -dia romotra èry. "Ka raha mitovy daholo ve ny zavaboahary rehetra ary koa mahatsapa zavatra mitovy, dia tsy mbahasorena kosa ve?" hoy i Vorondolo kely nanontany.

"Tsy mba tsara ve raha ilay lehiben'ny tsiambaratelo, izay antsoina hoe lehiben'ny saka-dia, manome antsika toetra samy hafa?"



**Hankina nangina ilay saka-dia fa i Vorondolo kely kosa nanohy ny diany hamonjy ny ray sy ny reniny ao amin'ilay toerana nahaterahany.**

**Nikioka am-pifaliana izy ireo nandray azy tafaverina soa: "nampianatra anao zavatra betsaka ve ny lehiben'ny Vorondolo, nahary izao rehetra izao?",**  
**"eny, tena marina tokoa" hoy i Vorondolo kely namaly am-pahatsorana.**  
**"Ary manomboka izao dia ho tantaraiko amin'ny rehetra".**

**"Hevitra tsara mihitsy izany anaka" hoy ny fibitsik'ilay renim-borondolo. Ary ny rainy nanampy hoe:" Ho an'ny lehilahy dia tena sarotra tokoa ny manaiky satria ankavitsiana ny zavatra tenenina azy ireo ka hinoany". Nihivingivina indray i Vorondolo kely sady nilaza hoe:**

**"Izaho aloha dia tsy hijanona mihitsy fa hanidina foana mandra-pahitako izay mety hino ahy" hoy izy sady nikiokioka mafy èry.**